


**Nataon'ny Loholona Francisco J. Viñas**
Ao amin'ny Fitopololahy

# Ny Zavatra Mikasika ny Fahamarinana

*Amin'ny maha-ray aman-dreny sy mpitarika antsika dia mila miahy ny mpikambana ao amintsika sy ny fianakaviantsika isika mba hanampiana azy ireo hanalavitra ireo zavatra izay mety hitarika azy ireo any amin'ny fahafatesana ara-panahy.*


Nolazaina isika ao amin'ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana fa aorian'ny fijoroana ho vavolombelon'ireo mpanompon'Andriamanitra dia ho avy ny fijoroana ho vavolombelon'ny horohorontany sy ireo zavatra hitranga hafa. "Ary hisamboaravoara ny zavadrehetra; ary ho ketraka marina tokoa ny fon'ny olona; fa ho tonga amin'ny olon-drehetra ny tahotra" (F&F 88:91; jereo koa ny andininy 88–90).

Amin'ny maha mpikambana iray ao amin'ny Fiadidian'ny Vondrom-paritr'i Caraïbes ahy dia vavolombelona manokana an'ireo Olomasina mahatoky izay nanova ny tahotra ho tonga finoana aho. Ny lesona izay nianarana avy tamin'ny zava-nitranga tany Haiti dia maneho an-tsaina ny zavatra niseho tao amin'ny Bokin'i Môrmôna.

Ny fahitana izany faharavana mahatsiravina izany dia nitondra tao antsaiko ireo teny ao amin'ny Almà toko faha-28 manao hoe: "Izany no fotoana izay nisian'ny fitomaniana sy fitolokoana lehibe re nanerana ny tany manontolo" (Almà 28:4).

Mpikambana roa amby efapolo koa no maty. "Mitomany marina tokoa ny fahalasanan'ny havany [ny fianakavian'izy ireo sy ny namany], kanefa dia mifaly sy miravoravo ao amin'ny fanantenana izy ireo, ary fantany, araka ny fampanantenan'ny Tompo, fa hatsangana izy ireo mba hitoetra eo antanana ankavanan'Andriamanitra, ao amin'ny toetry ny fiadanana tsy mifarana na oviana na oviana" (Almà 28:12).

Nisy fanampiana teo no ho eo nalefan'ny Fiangonana ho an'ny mpikambana sy ny tsy mpikambana ary nozaraina teo ambany fitantanan'ny mpitondra ao amin'ny fisoronana sy ireo mpitondra ao amin'ny Fikambanana Ifanampiana teo an-toerana izany. Tsy hoe nahazo fanafody sy sakafo ary



rano sy ireo zavatra hafa tena ilaina fotsiny izy ireo fa nahazo koa torohevitra sy torolalana ary fankaherezana avy amin'ireo mpitondra teo an-toerana. Manana ny fanohanan'ireo mpikamban'ny Fiangonana manerana an'izao tontolo izao izy ireo izay "[m]iaramalahelo amin'ireo izay malahelo; eny ary [m]ampionona ireo izay mila fampiononana" (Môsià 18:9).

Mpaminany samihafa niaina tao anatin'ny vanimpotoana samihafa no nampitandrina antsika momba ny zava-doza iray hafa izay tsy dia hita loatra nefa tena lehibe. Tsy inona izany fa "ny fahafatesana mahatsiravina [izay] tonga amin'ny olon-dratsy; satria maty izy raha mikasika ny zavatry ny fahamarinana; fa tsy madio izy ary ny zavatra tsy madio dia tsy afaka mandova ny fanjakan'Andriamanitra" (Almà 40:26).

I Nefia dia nampianatra izany fitsipika izany an'ireo rahalahiny raha nilaza tamin'izy ireo fa izay "ho faty ao amin'ny faharatsiana . . . dia tsy maintsy holavina koa raha ny amin'ny zavatra arapanahy, izay mikasika ny fahamarinana" (1 Nefia 15:33).

Ny mpaminany Samoela Ilay Lamanita dia nampianatra fa "na zovy na zovy kosa no tsy mibebaka dia kapaina sy hatsipy anaty afo; ary dia tonga aminy indray ny fahafatesam-panahy, eny ny fahafatesana faharoa, fa voakapa indray izy raha ny amin'ny zavatra mikasika ny fahamarinana" (Helamàna 14:18).

Ny fitrangan'ny fahafatesana mikasika ny *zavatra ara-panahy* dia misy fiantraikany lehibe kokoa ho an'ireo izay "avy nohazavaina tamin'ny Fanahin'Andriamanitra indray mandeha, ka efa nanana fahalalana lehibe ny amin'ny zavatra mikasika ny fahamarinana, ary lavo ao amin'ny fahotana sy ny fandikan-dalàna avy eo, dia manjary mafy fo kokoa izy, ary noho izany ny toetrany dia manjary ratsy kokoa noho ny tamin'izy tsy mbola nahalala ireny zavatra ireny" (Almà 24:30).

Amin'ny maha-ray aman-dreny sy mpitarika antsika dia mila miahy ny mpikambana ao amintsika sy ny fianakaviantsika isika mba hanampiana azy ireo hanalavitra ireo zavatra izay mety hitarika azy ireo any amin'ny fahafatesana ara-panahy. Isika koa dia mikatsaka ny hamonjy ireo izay maty raha mikasika ny zavatra ara-panahy ary



hanampy azy ireo mba ho "ateraka indray; eny, aterak'Andriamanitra, ovaina avy amin'ilay toetra manaram-batana sy lavo, ho amin'ny toetry ny fahamarinana, rehefa navotan'Andriamanitra ka tonga zanany lahy sy vavy" (Môsià 27:25).

Ny fahasitranana ara-panahin'ireo izay maty raha mikasika ny zavatry ny fahamarinana dia azo avy amin'ny herin'ny Sorompanavotana, ny fiovam-po ao amin'ny fahamarinana sy fanarahana ireo fitsipiky ny fahamarinana.

Ny fampianarana ny mpikambana ao amintsika sy ny fianakaviantsika momba ny zavatra mikasika ny fahamarinana dia ilaina ao amin'ny dingan'ny fanatanterahana fiovam-po maharitra satria afaka mitarika azy ireo hahazo fahalalana tomombana momba ny didin'ny Tompo izany, sy ireo fitsipika sy fotopampianaran'ny filazantsara ary ireo zavatra takiana sy ôrdônansy izay tsy maintsy ataontsika mba hahazoana ny famonjena ao amin'ny fanjakan'ny Tompo.

Maro ireo ohatra ao amin'ny soratra masina izay manamafy ny lanjan'ny fampianarana ny "zavatra mikasika ny fahamarinana" izay manampy amin'ny fahazoana fiovam-po maharitra. Ao amin'ny tantaran'i Amôna sy ny rahalahiny izay nitory ny filazantsara teo anivon'ireo Lamanita dia mamaky isika hoe: "Ary i Amôna dia nitory tamin'ny vahoakan'i Lamônia mpanjaka; ary ny zava-nitranga dia nampianariny azy ny zava-drehetra momba ny zavatra mikasika ny fahamarinana." (Almà 21:23).

Hitantsika ny vokatry ny fampianarana tamim-pahazotoana ny zavatra rehetra mikasika ny fahamarinana rehefa manohy mamaky ny tantara ao amin' ny toko 23 isika, izay milaza hoe: "Izay rehetra nino, na izay rehetra voatarika ho amin'ny fahalalana ny marina . . . [dia] niova fo ho an'ny Tompo [ary] tsy nihemotra na oviana na oviana" (Almà 23:6).

Rehefa nanorina ny Fiangonana i Almà Zokiny, dia nanokana lehilahy mendrika mba ho mpisorona sy mpampianatr'izy ireo izy izay "niahy ny olony sy namahana azy tamin'ny zavatra mikasika ny fahitsiana" (Môsià 23:18).

Manana anjara asa lehibe ny ray aman-dreny eo amin'ny fanampiana ny zanany hahatakatra ireo zavatra mikasika ny fahamarinana. Ao amin'ny Bokin'i Môrmôna dia hitantsika fa i Almà Zandriny izay nalahelo noho ny faharatsiana sy ny ady ary ny fifandirana nisy ary sahiran-tsaina noho ny hamafin'ny fon'ireo vahoakany, "dia [nanao] izay hamoriana miaraka ny zanany lahy mba hahazoany manome ny tsirairay avy ny andraikiny manokana avy, *momba ny zavatra mikasika ny fahamarinana"* (Almà 35:16; nampiana fanamafisana).

Mahaliana ny mahita fa nampianatra ny zanany izy ary nomeny tsirairay avy azy ireo ny andraikitr'izy ireo manokana, ka ny torolalana ho an'ny zanany lahy tsirairay dia nampifanarahany tamin'ny zavatra izay ilain'izany zanany lahy izany. Nijoro ho vavolombelona izy ary nampianatra azy ireo ny fotopampianarana sy fitsipika izay hanomana azy ireo hitory ireo fitsipika ireo ihany amin'ny hafa.

Ao anatin'izao fotoana izao izay ahitana fa manambana ny fianakaviana ny herin'ny ratsy ary ny toe-javatra iainantsika dia tsy dia samy hafa loatra amin'ny niainan'i Almà, dia napetraky ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin' ny Apôstôly Roambinifolo ao amin'ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'Izao Tontolo Izao" hoe "Manana andraikitra masina ny ray aman-dreny mba hitaiza ireo zanany amim-pitiavana sy amim-pahamarinana" (*Liahona*, Ôkt. 2004, 49).

Izany dia ahitana ny fikarakarana sy ny fanohanana ary ny fampianarana ny ankizy *ao anatin'ny zavatra rehetra mikasika ny fahamarinana,* mba hijanonan'izy ireo ho mafy orina ka hisikina ny fahamarinana eo am-balahany, "miaraka amin'ny rariny ho sarontratra, ary ny tongo[ny] hikiraro ny fanomanana ny filazantsaran'ny fiadanana" (F&F 27:16).

Toy ny tamin'ny vanimpotoan'i Almà dia miahy ny mpikamban'ny Fiangonana koa ny mpitarika antsika ary mamahana ireo *zavatra mikasika ny fahamarinana* azy ireo. Ireo zavatra ireo dia hanampy antsika hahatanteraka ilay fiovam-po maharitra. Ao amin'ilay boky hoe "Leadership Training Emphasis," (Fanamafisana ny Fanofanana ireo Mpitarika) izay nohavaozina tamin'ny 10 Desambra 2009, dia nangataka ireo mpitarika ao amin' ny fisoronana sy ny any amin'ny vondrona fanampiny ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo mba samy "hamporisika ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana, ny ray aman-dreny sy ny zanaka, mba handalina ny soratra masina sy hivavaka tsy tapaka ary hiaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy." (Tartasy avy amin'ny Fiadidiana Voalohany, 15 Des. 2009).

Ny fandalinana ny soratra masina, sy ny fivavahana tsy tapaka, ary ny fiainana ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia asan'ny fahamarinana ary ny Tompo dia nanambara ity fampanantenana lehibe ity hoe: "Izay manao ny asan'ny fahamarinana dia handray ny valisoany, dia fiadanana eo amin'ity izao tontolo

izao ity ary fiainana mandrakizay any amin'ny tontolo ho avy" (F&F 59:23).

Mba hampianarana amim-pahombiazana kokoa *ny zavatra mikasika ny fahamarinana,* dia zava-dehibe ny mahatakatra fa ankoatra ny fanomezana fampahalalana dia tokony hamoraintsika ny fahatakarana ny fanambarana. Amin'izay dia hanana faniriana hahafantatra manokana ireo fitsipika ireo ilay olona ampianarina.

Nambaran'ny Tompo tamin'i Hyrum Smith, tamin'ny alalan'ny rahalahiny, dia ny mpaminany Joseph Smith izao:

"Hanomezako ny fanahiko ianao, izay hanazava ny sainao, izay hameno fifaliana ny fanahinao.

"Ary amin'izay no hahafantaranao . . . ny zavatra rehetra irianao Amiko, izay mikasika ny zavatry fahamarinana, amin'ny finoana rehefa mino Ahy fa handray izany" (F&F 11:13–14).

Ho famaranana dia mampitandrina antsika ny soratra masina momba ny loza avy amin'ny fahafatesana mifandray amin'ny zavatra mikasika ny fahamarinana ary ny voka-dratsin'izany ho an'ireo izay efa nohazavain'ny Fanahin'Andriamanitra ka lavo ao anatin'ny fahotana sy fandikan-dalàna.

Ny fampianarana *ny zavatra mikasika ny fahamarinana* dia lafiny iray tena manan-danja eo amin'ny fampianarana ny olona hahafantatra ny fahamarinana, sy hiova fo ary hitoetra ho mafy orina ao amin'ny finoana an'i Kristy hatramin'ny farany.

Manana andraikitra masina hampianatra ny zanany momba ireo *zavatra mikasika ny fahamarinana* ny ray aman-dreny. Ny mpitarika sy ny mpampianatra dia afaka miahy sy mamahana ny mpikambana izay iandraiketany ary mampianatra azy ireo amim-pahazotoana *ireo zavatra rehetra mikasika ny fahamarinana.*

Ho tontosa amim-pahombiazana kokoa izany raha toa ka hamoraina ny fahatakarana ny fanambarana mandritra ny fampianarana, izay hampisy faniriana ao anatin'ny olona ny mba ho hazavain'ny Fanahy. Amin'izay raha mampihatra ny finoana izy ireo dia afaka mampahafantatra azy ireo *ny zavatra mikasika ny fahamarinana* ny Fanahy. Ny amin'ireo zavatra ireo no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anaran'i Jesoa Kristy, amena. ■



**Nataon'ny Loholona Neil L. Andersen**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# Mba Tantarao Ahy Ireo Tantaran'i Jesoa

*Ny finoan'ny tenany manokana matanjaka kokoa an'i Jesoa Kristy dia hanomana [ny zanakareo] amin'ireo fanamby izay azo antoka fa tsy maintsy hatrehiny.*

Rehefa asaina mandray fitenenana any amin'ny fiafaran'ny fivoriana faran'ny fihaonambe ianao dia mihaino amin'ny antsipiriany ianao sady miahiahy hoe inona ao amin'ny lahateninao izao no hisy hilaza alohan'ny hahatongavan'ny anjaranao. Tsy misy ny lohahevitra asaina resahana na fiarahana mifandinika lohahevitra. Ny fomban'ny Tompo mazava ho azy no tena tsara indrindra foana. Raisiny ny ezaka manokana ombam-bavaka nataon'ny mpandahateny tsirairay ary alaminy ho lasa amboaram-peonkira feno fanambarana sy hery. Lohahevitra miverimberina, fitsipika iray miorina eo amin'ny fitsipika iray, fampitandremana arapaminaniana, fampanantenana mitondra hery—ny firindrana masin'izany dia fahagagana! Mijoro ho vavolombelona aho fa nandritra ity fihaonambe ity dia naheno sy nahatsapa ny eritreritry ny Tompo sy ny sitrapony isika.

Ny Filoha Thomas S. Monson dia namaritra ny tanora vao misondrotra ho toy ny tanora "tena tsara indrindra hatramin'izay"[1] ary nilaza tamin'ireo tanorantsika hoe: "Tonga eto an-tany ao anatin'ny fotoana tena manan-danja ianareo. Tsy manam-petra ireo zavatra azo atao miseho eo anoloanareo."[2] Saingy nampitandrina koa izy hoe: "Napetraka teto an-tany ao anatin'ny vanimpotoana ahitana fikorontanana isika."[3] "Fotoana ahazoana manao izay tiana atao izao, miaraka amin'ny fiaraha-monina izay amin'ny ankapobeny efa zatra tsy miraharaha sy tsy manaja ny lalàn'Andriamanitra."[4] Voahodidin'ny zavatra tena maro natao mba hanodikondinana ny saintsika isika. "Ilay fahavalo dia mampiasa ny fomba rehetra mba handrebirebena antsika hiditra ao amin'ny tranokalan' ny famitahany."[5]

Tompon'andraikitra amin'ireo tanora vao misondrotra isika. Tonga eto an-tany miaraka amin'ny andraikitra manan-danja sy hery ara-panahy lehibe izy ireo. Tsy tokony hataontsika tsotsotra ny fanomanana azy ireo. Ny fanamby miandry antsika amin'ny maha-ray aman-dreny sy mpampianatra antsika dia tsy hoe manorina ny toetry ny ara-panahy ao am-pony fa kosa mampiredareda ilay lelafon'ny toetry ny ara-panahy ao aminy izay efa nirehitra tamin'ny alalan'ny afon'ny finoany tany amin'ny fiainana talohan'ny nahaterahana.

Amin'ity tolakandro ity, dia tiako ny hanamafy ny fangatahan'ny ankizy kely iray avy ao amin'ny hiran'ny Kilonga anankiray: